Bokin’ny mpaminany Kacou Philippe

TOKO FAHA-03: APOKALYPSY 14:6-10

(*Notorina ny alahady 10 novambra 2002, tany Locodjoro, Abidjan - Côte d'Ivoire /* www.matth25v6.org)

[Mamaky ny Apokalypsy 14:6-10 i rahalahy Philippe]… Hitanareo? Ny Filazantsaran’ny Fanjakan’ny lanitra dia avy any an-Danitra mandrakariva avy amin’ny alalan’ny anjely fa misy filazantsara hafa kosa izay avy any amin’ny lavaka lalina avy amin’ny alalan’ny seminera sy fianarana ho pasitera. Satria Andriamanitra mameno ny fo fa ny devoly kosa mameno ny loha. Tadidio ny 24 aprily 1993 hoe ahoana, ny Feony niditra tato am-poko ary nidaraboka tahaka ny maty aho. Hitanareo? Ny devoly no nanangana ny fianarana ho pasitera. Satria, raha maniraka olona hiantso ny vadiko izay any an-tanàna aho, tsy manana toro-marika ho raisina amin’ny olona hafa io iraka io. Izaho irery ihany no tokony hilaza azy izay tokony holazainy amin’ny vadiko ary fantatro fa hino azy ny vadiko. Hitanareo? Aoka i Satana sy ireo zanany hankany amin’ny fianarana, toeram-pampianarana telojia sy Internet, izaho sy ny ankohonako kosa hitoetra ao amin’ny fanambarana ara-paminaniana. [*Hoy ny fiangonana: Amen!*]. Ary aorian’ny fianarana ho pasitera, ireo seminera sy ireo diplaoma ara-teolojia, ireo mpihatsavelatsihy ireo, ireo zanaky ny devoly ireo rehefa eny amin’ny pilipitra, dia miteny hoe: *“Andriamanitra ô! Aoka ho takona ny tenako ary aoka Ianao no hiteny avy amin’ny alalako!”*. Hitanareo? Fifanoherana izany! Raha fantatrareo fa afaka manakona ny tenanareo Andriamanitra mba hitenenany amin’ny alalanareo dia inona ary no notadiavinareo tany amin’ny fianarana ho pasitera e?

Ny fianarana ho pasitera dia tsy inona akory fa toerana izay handeha ianaran’ny olona fomba fibaikoana ara-tsaina. Hitanareo? Mianatra momba ny fihetsika sy fitondran-tenan’ny olona rizareo. Izany rehetra izany no antsoina hoe mystisisma (Na: fikirakirana fanahy). Izany no afenin’izareo amin’ny olona.

Ny Baiboly manambara fa tsy hisy tsy hoaseho eo amin’ny fahazavan’ny andro. Nataon’Andriamanitra izany satria ny fotoan’ny fanorenana indray dia efa tonga saingy indrisy fa ireo olona izay nanaovana izany dia efa mamo ka tsy mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy, ny Fanahin’Andriamanitra sy ny fanahin’ny devoly, ny Tenin’Andriamanitra sy ny teolojia… Ka dia antsoina fahatany hoe fiangonana ilay sarisary avy amin’ny devoly, ka tonga ozona ho an’ny firenena sy antony mahatonga ny fahatezeran’Andriamanitra. Hany ka, rehefa naidin’Andriamanitra tamin’ny firenena iray ny kapoaky ny fampijaliana, dia maika handika ny hevitr’izany erỳ ireo fiangonana maro mba hampitoetra ny ratsy fanahy eo amin’ny lalany ihany. Tsy azoko an-tsaina hoe inona ireo famaizana mendrika hitsarana ireo fiangonana amin’ny andron’ny fitsarana! Fantaro fa raha Andriamanitra no lohan’ireny fiangonana ireny, tsy mba hivavaka amin’ny fotoana mitovy amin’ireo “bouddhistes”, ireo “mahikaris”, ireo silamo, ireo mpisikidy, ireo saron-tava, amin’ny fotoan’ireo fisotroana sy ireo dihin’ny mpiady… Ary raha tokony hanao izany izy ireo, dia hilaza ny heviny (Na: hijoro hananatra) momba io fahitalavitra masiaka sady lo io, ireo lalana “princesses” (Na: zanaka vavin’ny mpanjaka) sy “princières” (Na: tsara endrika), ireo gadon-kira sy fandihy maloto, ny fizarana fimailo, ny fanabeazana aizana. Hitanareo? Any amin’ny toerana izay nanaovana ny fahotana ho ara-dalàna, dia tokony hijoro haneho ny heviny ny Fiangonana. Raha zaraina fimailo ireo mpianatra, ireo miaramila sy ireo sasany ary tsy miteny na inona na inona ireo fiangonana, dia tsy tokony hivavaka ihany koa rizareo raha tsy izany dia rizareo no fahavalon’ny fireneny loza indrindra. Ny fahotan’izay mampiasa fimailo na pilina dia mitovy amin’ny an’izay manala zaza ihany. Ireo fiangonana mihitsy no tena iharan’ny famaizana tahaka ireo andriamanitr’i Egypta fahiny. Hitanareo? Tsy manakivy anareo aho fa zava-poana ny fivavakareo. Andriamanitra dia naniraka mpanompo mba hampihatra ireo fitsarana tahaka ny nanirahany an’i Nebokadnezara mpanompony hiady amin’i Isiraely tamin’ny lasa. Moa ve tsy Andriamanitra no mandidy izay rehetra mitranga eto ambonin’ny tany?

Tahaka an’i Josefa, ireo mainty hoditra voaroaka tany Afrika sy ireo zanak’ondry mandositra ireo amboadian’ny fampahoriana nataon’ny romana dia tonga tamin’ny tany vaovao, dia Amerika izany. Tahin’Andriamanitra izy ireo, nataony miankohoka eo anatrehan’ny fanapahan-keviny avy amin’ny alalan’ny ONU, ireo rahalahiny, miampy izao tontolo izao satria manarakaraka ny papa, dia Josefa. Tahaka ny hita ao amin’ny Genesisy sy ao amin’ny Apok.13. Hitanareo? Raha zanak’ondry rizareo fahiny, taranaka aman-jafin’ny kristiana maro, mianiana amin’ny Baiboly, dia nivadika dragona manorotoro, mandatsaka baomba, mandidy avy amin’ny alalan’ireo “vétos” (Na: fanapahan-kevitra tsy azo ivalozana) sy ireo “embargos” (Na: ankivy, sakana). Raha tokony handefa vary ho an’ny fianakaviany ahafahany mivelona izy, dia mandefa fitaovam-piadiana ho azy mba hifamonoany am-pitoerana eo. Maniraka ireo Osborn, Morris Cerullo… hamitaka ny mponin’ny tany rizareo. Dia mirehareha erỳ milaza hoe: “*Hotahin’Andriamanitra anie Amerika”*. Raha mitahy io Amerika hitako io Andriamanitra dia tokony hibebaka Izy noho ny nandravany an’i Sodoma sy Gomora. Hitanareo? Raha mitahy io Côte d’Ivoire hitako io Andriamanitra dia tokony hibebaka Izy noho ny nandravany an’i Sodoma sy Gomora. Dia amin’ny fitsanganana amin’ny maty, tokony hifona amin’ny mponin’i Sodoma sy Gomora Andriamanitra. Hitanareo? Ary ny 11 septambra, dia hoy aho am-pahakiviana: *“Vita!”* ary nolazaiko hoe izany no efa nambaran’ilay mpitondra hafatry ny fotoan’ny hariva nialohan’ny nahitako ireo sary. Aoka mba hisy indrafo ho an’io firenena io, dia inona no hoataony? Manombok’izao, hitoetra miaraka amin’ny tahotra sy tebiteby ireo olona ireo. Satria raha tokony hiasa ho an’ny tsara rizareo, dia naleony niasa mba hahavery ny ratsy fanahy. Tsy ny hitadiavana izay hisamborana an’i Al-Qaïda na ny asa fampihorohoroana izay karavasy mandaitran’Andriamanitra no vaholana fa ny manova fiainana satria Andriamanitra dia afaka miantso karavasy, rivo-doza maro, horohoron-tany maro, tondra-drano maro, na aiza na aiza ary tsy fantatrareo ve fa hisy aretina mandoza lavitra noho ny sida mbola ho avy? Tsy fantatrareo ve fa izay tsy afaka nahafaty fahiny mbola hahafaty? Ary Andriamanitra dia hiantso ny rehetra amin’izay olona rehetra na firenena rehetra manao ny fahotana sy ny mpaminany sandoka ho fahazarana eo amin’ny fiainana. Izany no nahatonga an’Andriamanitra nandrava ny tany tamin’ny andron’i Noa. Nanana Osborn, mpamitaka maro, olona tsara laza izay eken’ny be sy ny maro ireo fiangonana. Ary dia simba avokoa ny lalam-pamonjena. Jereo Genesisy 6:11-12: “… ary *simba* ny tany teo anatrehan’Andriamanitra, sady henika herisetra. Dia

nijery ny tany Andriamanitra ka indro, *efa simba* izy, fa ny nofo rehetra samy efa *nanimba* ny lalany avy tambonin'ny tany". Jereo tsara anie ity e: *"… simba teo anatrehan'Andriamanitra"* fa tsy teo anatrehan'ny olona fa teo anatrehan'Andriamanitra! Ho azy ireo, mitoetra ao amin'ny fahamarinana rizareo, tsy hitany hoe inona no ratsy amin'izay ataony! Ary teo no nahatonga an'Andriamanitra niantso lehilahy kely, tsy nobeazina ara-teolojia, izay manana toriteny manelingelina azy ireo. Fa tany amin'ny tena efitra tokoa no nitoriteny i Noa.

Fantatrin'ny olona hoe efa amin'ny andron'i Noa tokoa isika izao. Fantatrin'ny mpitoriteny rehetra fa efa amin'ny andron'i Noa tokoa isika izao. Fantatrin'ireo fiangonana fa efa amin'ny andron'i Noa tokoa isika izao… Fa aiza i Noa? Rizareo tsy mametraka io fanontaniana tsotra io. Nefa ahoana no ahafahana ho amin'ny andron'i Noa raha tsy misy an'i Noa? Ô! Ianareo zanak'Andriamanitra, aza mitady ireo pasitera lehibe, ireo apostoly sy ireo mpaminany fa tadiavo i Noa! Ô ry mpiandry ondry kely! Ô ry magy kely! Aza mankany Jerosalema fa any Betlehema aleha! Aza mankany amin'ireo fiangonan'i Heroda, aza mankany amin'ireo milaza ho lehilahin'Andriamanitra lehibe nefa tsy izy akory, mandehana mankany amin'i Josefa mpandrafitra.

Ary raha nekena (Na: namarinina) i Noa, dia ho ekena koa aho, amin'izany aho no mametraka ny fahatokiako. Ary gaga mihitsy aho amin'ny hoe misy olona manonona ny anaran'i Jesosy-Kristy nefa manofy ny mba ho any amin'ny firenena tahaka an'i Etazonia indray andro any. Moa tsy tsara lavitra noho i Los Angeles sy Hollywood ve ny tanànanareo? Avy aiza moa ireo herisetra, ireo menarana sy maingoka eo amin'ny sandry, ireo hetim-bolo diso ireo? Tahaka ny hanofisanareo ny Eoropa sy ny faritra andrefana, dia tahaka izany koa no isentoan'ny fanahinareo (Na: tenanareo) mitsiriritra ny fahotana sy ny helo! Satria ireo izany Eoropa sy Etazonia ary feno ny Fanahy-Masina dia maniry ny ho eo amin'ny toeranareo aty Afrika aty, lavitr'ireo izay tazany any.

Ilay bibi-dia voalohany ao amin'ny Apok. 13, ny Vatican, dia nandoto ny tany avy amin'ny alalan'ny fiangonana katolika. [Ary lazaiko aminareo hoe henohenoy matetika ny momba an'i Vatican. Hisy vaovao hampihozongozona izao tontolo izao. Efa tonga io fotoana io ary ny fitaovam-piadiana, dia ilay fanahy ao anatin'ny Al-Qaïda. Dia hoy izao tontolo izao: Iza no nanao izany? Hitanareo?] Ilay bibi-dia faharoa, ny Etazonia, dia sarin'i Vatican rahateo dia nanimba ny tany avy amin'ny alalan'ireo fiangonana protestanta sy evanjelika izay, sarin'ny katolisisma ihany koa, miasa eo ambanin'ny mariky ny bibi-dia, ilay fanahy nanetsika an'i Babela fahiny ary nafindra tamin'i Babylona dia avy eo tamin'ny fanjakana Mediana sy Persiana dia avy eo tamin'ny fanjakana maneran-tany grika dia avy eo tamin'ny fanjakana romana sy tamin'ny fiangonana katolika izay mivoaka avy any Roma. Dia niainga avy teo, nafindra tamin'ny Etazonia sy ireo fiangonana protestanta ary evanjelika mba hiafara any amin'ireo branhamista.

Ary ny milaza hoe Côte d'Ivoire no Jerosalema Vaovao, dia miteny ratsy (Na: manompa) an'Andriamanitra sy ny seza fiandrianany izany! Ary raha elefanta ara-toe-karena sy ara-politika ny Côte d'Ivoire, dia ramanavy ara-panahy ihany koa izy ary miharihary eo imason'izao tontolo izao izany efa elaela ihany izay. Biby izay manidina, izay mihinan-kanina sady manao maloto (Na: mangery) avy eo amin'ny vava, izay matory misavovona ary ny lohany ambany (Na: mitsingolika). Vorona izay manidina amin'ny alina, tsy misy volomborona, miaraka amin'ny nify: voahary fambara loza ary izany ireo milaza ho kristiana nefa tsy izy akory ireo. Katolika maro, silamo maro, bouddhistes maro, protestanta, evanjelika maro, mpisikidy maro… tafangona mba hitalaho amin'ny andriamaniny. Efa naseho izay ny fahadalan'ireo kristiana maro. Efa novakiana batsilana ny fony sy ny toetrany. Hanaiky hanao fisoronana ve aho mba hahavelona firenena iray milaza ny tenany ho laika?... Mbola eo am-pikarohana voninahitra ve Andriamanitra? Ilay Andriamanitry ny fiteny an-tsarin-teny moa ve tsy nametraka ireo ramanavy teo anivon'ny "Plateau" (Na: Lemaka), ivon'i Abidjan, ivon'i Côte d'Ivoire? Fa nahoana? Izany no faneva ara-panahy, ara-pombam-pivavahan'ity firenena ity, izany no *Izao no lazain'i Jehovah Tompo*. Indray andro izay, nitoriteny tany "Plateau" aho sady nilaza fa mendrika mihoatra noho ny sida mihitsy aza i Côte d'Ivoire ary nisy olona nihiaka hoe: "Raha kely ny sida, aoka Andriamanitra mba handefa dragona maro ho aminay, indreto izahay!" Andro maro taorian'izany, nasiana ny firenena, nikoriana ny ra. Marina tokoa, nidina ny dragona maro. Raha mpirotsaka ho mpanota ianareo ary manamafy hatoka manoloana ny anatra (Na: fibedesana), dia handefasan'Andriamanitra Ben Laden maro izay manana fahefana ara-paminiana sy toy ny an'ny andriamanitra ianareo. Ilay Andriamanitra izay ijoroako eo anatrehany dia ilay manatanteraka ny fikasany amin'ireo mponin'ny tany. Efa noporofoinareo teo imason'izao tontolo izao fa mahavita ratsy kokoa noho i Zaïre sy Shala Muana Ianareo… Ka hivavaka mba hitoeran'ireo lalana "princesses" aho ve? Mba hahaveloman'ireo fiangonana sy ireo mpaminaniny? Raha manao izany aho, dia aoka ho faty ny tenako ary aoka haharesy ahy ireo vavahadin'ny fiainan-tsi-hita. Fa mivavaka kosa aho ho an'ireo olom-boafidy maro mba tsy hindaosin'ireo riakan'ny rano azy ireo ary mba hiangonan'izy ireo ho an'ny Fiainana mandrakizay sy mba tsy hahalevona ny finoany.

Ho fijaliana mankamin'ny fijaliana no halehan'izao tontolo izao. Dia mbola hitranga koa hoe, rehefa miarahaba, dia afaka mandray ny tanan'ny rahalahiny na ny namany akaiky azy indrindra ny lehilahy iray satria sao ifindran'ilay aretina. Handeha eny an-dalana tsy hifampikasika ny daholo be. Hohenonareo izao: "Matahotra mandeha "metro" na "bus" aho fandrao ifindran'ny aretina". Hitanareo? Hiteny amin'ny ratsy fanahy ny tsara fanahy hoe: "Mandehana mampiseho ny fitanjahanao eny amoron-dranomasina!" dia hamaly azy ilay ratsy fanahy hoe: "Tsy handeha aho!".

Ahoana hoy ny Baiboly? Ahoana hoy ny Matio 24:24? Hoy ny Baiboly hoe raha tsy nohafohezina izany fotoana izany, dia tsy nisy nofo hovonjena nefa rehefa dinihina ny fiasa sy fitombon'ireo fiangonana, dia hoatra ny hoe raha ela fihavy ny Tompo, dia hovonjena avokoa ny nofo rehetra. Aza manaiky ho voafitaka tahaka izany! ... ary aza mijery ahy ho toy ny loza mananontanona ireo fiangonanareo noho ireo tombontsoanareo fa jereo toy ny fahasoavana aho. Lazain'ny olona fa mpaminany sandoka, antikristy, irak'i Satana, mpikomy, toriteny "nivaquine" aho,… nefa tsy afaka milaza izay zavatra diso noteneniko akory ireo. Ianareo izay mitory teolojia sy ny sisa, mankanesa any am-paradisa! Ary i Noa, Mosesy, ireo mpaminany, ireo apostoly sy izaho kosa izay nitory ny Filazantsara avy any an-danitra, hankany amin'ny helo kosa izahay. Zanaky ny fahaverezana maro mitondra fanahy maro any amin'ny fahaverezana! ... Lazao fa mpaminany sandoka sy antikristy aho fa andrasan'Andriamanitra ianareo amin'ny andro fitsarana!

Nefa, Ny Tompo efa nampanantena tao amin'ny Matio 13:24-30 fa ireo zanaky ny devoly sy ireo fiangonany dia hoafatotra atao amboarany mba hodorana fa ireo olom-boafidy kosa dia hoangonina atao anaty sompitra tokana. Nisy karazam-pinoana maro be, ireo andriamanitra tany Egypta ary Andriamanitra namoaka ireo zanany tany sady nampihatra ny fitsarana. Nanoloana ireo fahamaroan'ireo fiangonana tany Isiraely, nisy ireo fariseo, ireo eseniana, ireo sadoseo, ireo helenista, ireo herodiana, ireo zelota, … izy rehetra dia samy tao anatin'ny diso avokoa ary ny Tompo namoaka ireo olom-boafidy avy tao amin'ireny sady nampihatra ny fitsarana ireny. Ary mialohan'ny fampakarana, ireo olom-boafidy, araka ny Matio 24:31 sy 1 Tes. 4:16 dia hoangonina avy amin'ny alalan'ny feon'ny trompetra, ary tafiditra ao koa ny Apok. 14:6-10. Ary izany mandrakariva no ataon'i Jesosy-Kristy. Ary ity toriteny ity dia ho fahalavoan'ny sasany sady ho fanarenana ny maro ihany koa. Ilay safo-drano nanavotra an'i Noa, no nandrava izao tontolo izao. Ary ity Hafatra ity ihany koa no hanameloka azy ireo.

Na dia eo aza ireo tsy fitovian'ireo fampianarana maro, dia mikambana anaty vondrona maro ireo fiangonana ary hoy aho hoe ireny dia bibi-dia, dragona manana loha maro, ary ny loha tsirairay avy dia mampiseho fiangonana anankiray no sady manana ilay demony sy fomba fiteny izay teolojia an'io fiangonana io. Na iza na iza ao anatin'ny iray amin'ireo fiangonana ireo dia efa nandray ny marika izany hoe ilay fanahy, ilay demonin'ilay bibi-dia. Naterak'io fanahy io ianareo ary avy amin'ny alalany no hitenenanareo amin'ny teny tsy fantatra, haminanianareo, … toy ny hoe tena Fanahy-Masina tokoa izany. Mibaiko ny vatanareo izy, ny tenanareo ary ny fanahinareo. Dia mitovy amin'ny toe-javatra nisy ireo fariseo nanoloana ny Tompo na mitovy amin'ny toe-javatra misy ny katolika iray izay manana labozia maro, "chapelets" maro, sary vongana maro, emboka manitra, hazo fijaliana maro sy rano voahasina eny an-tanany ary mihevitra ny tenany ho ao anatin'ny Fahamarinana tokoa. Ilay marika teo ihany, ilay demonin'ny tsy finoana izay mifehy ilay bibi-dia [ny fiangonana katolika] dia izy ihany koa ilay marika izay mifehy ny sariny, sy ireo zanany-vavy.

Rehefa misy olona manao hoe: *"Izaho dia batista, rahalahy ao amin'ny Hafatra, loterana,…"*, dia izao no handraiso izany: *"izaho dia antikristy, izaho dia zazasary, izaho dia…"*. Ilay marika eo amin'ny tanana dia midika ho fanaovana asa, na fametrahana asa (Na: fihetsika) mifanaraka amin'izany. Ary nandray izany izao tontolo izao. Tsy nisy mpanjaka na filoham-pirenena eto amin'izao tontolo izao izay tsy nankany na tsy nanana fikasana ho any Vatican, na dia i Arafat, ireo Arabo sy ireo silamo aza. Satria, ao amin'ny Matio 4:8-9, i Jesosy-Kristy dia nandà ny seza fiandrianan'ny fitondrana avo indrindra eto an-tany, dia noraisin'ny lehilahy iray izany. Ary ambaran'ny Baiboly fa io tanàna kelin'i Vatican io dia manjaka amin'ny mponin'ny tany rehetra ary indray andro any dia hisy tanana tsy taza-maso hamely azy. Apok. 17 :18…

Ny fiangonana tsirairay avy samy mihambo ho manana ny Fanahy-Masina avokoa ary izy tsirairay avy samy manana ny fandraisany izany hoe batisa, izany hoe maha-Andriamanitra an'i Jesosy, izany hoe fanendrena mialoha, izany hoe fahotana voalohany, izany ho asa fanompoan'ny vehivavy, izany hoe fisaronana, ets. Ny pasitera metodista dia tsy afaka ny ho pasitera any amin'ireo "assemblées de dieux", ireo batista,… Inona koa izany fanahy-masina feno fifanoherana izany? Dia na eo aza izany dia tsy mitady ny Fahamarinana ianareo fa ilaozanareo miresaka momba ny fanamasinan-tena sy ny paradisa! Fa ataonareo inona ny Baiboly izay eo am-pelantananareo e ? Raha tsy izay, tena mba ho an'ny Famonjena tokoa ve aloha no hankanesanareo any am-piangonana? Nefa raha mamonjy ny batista, ny pentekôtista, ny fifohazana, na ny "assemblée de dieux" Andriamanitra dia ahoana no ahafahany manameloka ireo fariseo, Jodasy, Kaina? Ahoana no ahafahan'Andriamanitra manameloka ny fampianaran'ny fariseo sy sadoseo ary hankasitraka ny anareo kosa? Araka ny Matio 16:5-12, lazain'i Jesosy fa masirasira (Na: lalovay) izany.

Raha omen'Andriamanitra ny Fanahy-Masina ny batista, ny pentekôtista, ny "assemblée de dieux", … dia hanahoana kosa ireo "bouddhistes" sy ireo silamo? Hitanareo? Miangavy anareo aho amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy-Kristy, Ajanòny ny fandorana ditin-kazo manim-pofona ho an'ireo demony! Ialao ireo alitara maro sy ireo zanak'omby volamena. Ny ministera (Na: asa fanompoana) dia tsy asa fivelomana izay handeha ianarana na halalinina kokoa any amin'ireo seminera fampiofanana maro. Ajanòny ny fanamboarana pasitera any amin'ny orinasa fanamboarana pasiteranareo. Andriamanitra dia manome ny asa fanompoana avy any an-danitra ary miahy ny fahatanterahan'izany tsy nilàny fanampian'ny tanan'olombelona na dia kely akory aza fa avy amin'ny alalan'ny Fanahy-Masina. Ianareo ry rahalahiko pasitera, mpaminany, "révérends", filoha… mananatra anareo aho amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy! Mibebaha ianareo! Mandosira ny helo satria, aleo henatra eo anatrehan'ny olona toy izay helo. Tsy mitory tantara foronina aminareo aho fa miteny aminareo amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy-Kristy. Tahaka ny ao amin'ny Jeremia 28 sy 1 Mpanjaka 22, dia navela hahita ny fitsaran'Andriamanitra sy hanonona izany aho. Na fiangonana na olombelona, aoka tsy hisy hamitaka anareo na iray aza!

Aoka tsy hisy andraikitra ao amin'ny fiangonana ho hisakana anareo. Fantaro ny andro hamangiana anareo satria raha tsy maheno (Na: mahatratra) ilay trompetran'ny fanangonana ianareo, inona indray no mbola andrasanareo? Hampandohaliho ny lohalikareo mandra-pitenin'Andriamanitra aminareo raha tsy izany dia aza miteny hoe tsy nampitandremana ianareo rehefa tonga ny fitsarana! Sa tsy izany?

Raha Isiraely izay an'Andriamanitra avy amin'ny alalan'ny fahaterahana aza tsy mahazo ny fomba fiteny ara-paminaniana, ahoana no ahazoanareo izay Azy noho ny fananganan-jaza izany? Fa zavatra iray aloha no mitombina: lehilahy roa milaza ny tenany ho samy an'Andriamanitra dia tsy afaka ny hanana fiteny roa samy hafa sy fomba roa samy hafa. Rehefa niverina avy tamin'ny fambaboan'ny babyloniana ireo jiosy, dia afaka mankao amin'ny fisoronana (Na: natao ho mpisorona) ny benjamita tahaka an'i Paoly. Lasa maheno anarana vaovao: raby, fariseo, … Araka ny 1 Mpanjaka 12:31 sy 2 Tan. 13:9, raha misy olona manam-bola, dia mandoa ny saram-piofanana izy ka lasa mpisorona tahaka ny hitantsika ankehitriny. 2 Tan. 13 milaza hoe: *« Tsy efa noroahinareo va ny mpisoron'i Jehovah, dia ny taranak'i Arona, sy ny levita? Ka nanao ny tenanareo ho mpisorona ianareo, tahaka ny fanaon'ny mponina amin'ny firenena [hafa]; ka na zovy na zovy mitondra vantotr'ombilahy anankiray sy ondrilahy fito, hanokanana ny tenany, dia izy no tonga mpisoron'ireo tsi-Andriamanitra… »* Hitanareo? Tsy fifidianana ataon'Andriamanitra intsony fa lasa resaka fahaizana sy vola. Rehefa niverina avy tamin'ny fambaboan'i Babylona ara-panahy, dia ny katolisisma, ireo fiangonana dia lasa maheno anarana toy ny: "révérends", filoha, "bishops", … anarana manao blasfemia (Na: miteny ratsy, manompa). Niverina niaraka tamin'ny firehan-kevitra maro, fandresen-dahatra maro, fampianarana maro sy ireo andriamanitra babyloniana rizareo. Ireo zanak'i Nimroda, zanak'i Beliala dia nanangana fanjakana

ho an'ny tenany izay antsoina hoe *"fiangonana"*. Ireo dia mpanjaka tsy misy satro-boninahitra, fitondrana tsy misy Fanjakana, bibi-dia manana tandroka roa na telo araka ny môdely babyloniana. Ary hetsehin'ny tanjona iray itoviany, ialaozany manangana tilikambon'i Babela maro na dia eo aza ireo fahasamihafan'ny fiteniny, fampianarany: vondrom-piangonana. Fifaninana amin'Andriamanitra. Ny tsirairay avy samy nanana tandroka lehibe anankitelo: fahefana ara-politika, ara-bola ary ara-pombam-pivavahana.

Raha mpaminany ianareo ary tsy hitanareo ireo soratra hoe: *"mpialoha lalana an'ny antikristy"* eo amin'ny handrin'ireo filoham-piangonana ireo dia anontanio ny tenanareo hoe mpaminanin'iza ianareo. Tsy mijery ny tenako ho toy ny mpaminany aho fa zavatra iray loha no fantatro: hitako teny amin'ny lanitra ny fitsaran'Andriamanitra aminareo ary tsy misy mahavita manohitra izany. Ary hijanona eny lavidavitra eny ny zanaky ny devoly hilaza hoe: *"Marina izay lazainao, nambaran'Andriamanitra taminay koa izany!"*. Raha tena nambaran'Andriamanitra taminareo tokoa izany, dia tsy any amin'ny fiangonana hafa fa any amin'ny Teniny sy ny Fiangonany no handehananareo…

[Tany amin'ny tanànanay, vao maty toy ny nasian'ny anjely, ny lehilahy malaza iray tao amin'ny "assemblée de dieux": ny loholona Nandô. Paralysisa masiaka izay tsy nety afakin'ny fiantsoantsoam-panahy maro karazana nataon-drizareo. Izany no tambin'ny taona maro namosaviana tao anaty fikambanana mpamosavy manana anarana hoe: "assemblée de dieux" ary Katadji no foibeny. Naheno aho hoe nandamina ny fomba fiainany (Na: nibebaka) izy nialohan'ny nahafatesany. Moa ve tsy maty "assemblée de dieux" izy? Raha nitandrina ny vatany izy, tsara izany fa ahoana kosa ny momba ny tenany (Na: fanahiny) sy ny fanahy-masina tao aminy? Nanary ireo firehan-kevitra maro, fandresen-dahatra maro, sampy sy teolojian'ny "assemblée de dieux" ve izy nialohan'ny nahafatesany? Raha mankany an-danitra izy dia sandoka izany ny kristianisma! Hitanareo? Io Nandô io dia nametsy olona, nanajamba olona, namono olona (Na: nanapaka tendan'olona) sy nandefa olona maro tany amin'ny helo (Na: afobe) loatra ka niandoha tety ihany ny afobeny!]* Afaka tsy mitovy hevitra amiko na manohitra ahy ianareo satria lazaiko aminareo ny marina fa indray andro any, hiteny tahaka ilay miaramila romana iny ianareo hoe: "Marina tokoa fa niteny tamintsika avy amin'Andriamanitra io lehilahy io".

Ary isan'ny antony mahatonga ny olona tahaka ireny tsy mety mandray (Na: manaiky) ny Hafatry ny vanim-potoana misy azy mba hahavonjy azy dia satria maro tamin'ireo olona nofetseny no efa maty sy miandry azy ireo any an-danitra; ary mbola tokony hampamoahina momba ireny olona ireny eo anatrehan'Andriamanitra rizareo. Tsy afaka eken'Andriamanitra hoe miova lalana rizareo ety an-tany. Tsy mba marina Andriamanitra raha mankany am-Paradisa i Dion Robert nefa misy batista maro efa maty. Hitanareo? Izay no izy!

Hamaranana azy, tia hilaza ity aho: Tamin'ny 1995; nisy anjelin'i Satana naneho ahy fanambarana maro ary indray andro izay aho niteny tamin'ny anabavy iray izay hoe: *"Nijangajanga ianao ny alatsinainy lasa teo niaraka tamin'ny miaramila iray. Fantatrin'ny rainao izy araka ny nambara tamiko"*. Dia niaiky izany izy ka noheveriko fa Andriamanitra iny. Andro iray hafa indray, nambarako tamin'ny rahalahy antsoina hoe Désiré izay hoe: *"Rehefa tonga any amin'i rahalahy Édouard isika, dia homeny manga roa isika, dia ho hita fa lo ny ahy ka hosoloiny akondro mamy anankiroa"*. Dia nitranga tahaka izany mihitsy ny zavatra rehetra. Ary tsaroako fa avy amin'izany fanaon'ny demony izany, dia nanafintohina rahalahy anankiroa aho izay efa nifonako taminy. Nandritra ny herintaona, nahita fanambarana mitovy karazana amin'izany aman-jatony aho ary tsy nisy iray tsy tanteraka. Mbola misy vavolombelona maro eto. Dera maro, voninahitra maro sy ministera lehibe no nisokatra teo anoloako tahaka ny tamin'i Kacou Séverin sy ireny mpaminany maro ireny fa navotan'ny Tompo aho ary nampianariny aho noho ny hatsaran'ny ministera izay mbola hotanterahiko eo anatrehan'ny tavany. Dia nibebaka teo anoloan'ny olona rehetra aho ary nitsotra taminy fa ireny fanambarana ireny na dia marina aza dia avy tamin'ny devoly. Menatra aho fa naleoko henatra teo anatrehan'ny olona toy izay fanamelohana eo anatrehan'Andriamanitra. Fa indray andro any, hoampiasaina avy amin'ny alalan'Andriamanitra Izy Tenany mihitsy io fanomezam-pahasoavana io.

Tsy misy olona na iza na iza afaka ny hanam-pahendrena ampy handosirany amin'ny herin'ny tenany ihany raha tsy izany, farafaharatsiny, nanao izany ny iray tamin'ireo mpaminany maro. Tsy afaka mampidera ny zavatra nolalovako tamin'ny 1993 hatramin'izao andro izao aho fa miteny tahaka ny manam-pahefana satria nijoro teo anatrehan'ny saina natolotr'Andriamanitra aho. Ekeo ny fibedesana! Satria ny zavatra tianareo tsy voatery ho tian'Andriamanitra. Ny apostoly Paoly dia tsy maintsy nankany amin'ireo apostoly mba hanamarinana izay toriny araka ny Galatiana 2:1-2. I Ulrich Zwingli nanao izany niaraka tamin'i Luther ary niteny hoe: *"Nino tahaka an'i Luther aho nialohan'ny nihainoako azy"*. Tamin'ny 1536, ilay mpitondra fanavaozana kalazalahy Guillaume Farel dia nangataka ny hanampian'i Calvin azy amin'ny fampiorenana ny Fiangonana any Genève. Ary ianareo? Inona no fanahy-masina anananareo? Mifampibodo ireo fiangonana ianareo! Mifohaza! Satria lalana (Na: fanao) tahaka izany dia toy ny marina eo anatrehan'ny olona fa ny fizotrany dia mankamin'ny fahaverezana.

[ ]* nampiana tamin'ny febroary 2005

OLONA IFANDRAISANA: Rahalahy Kacou Philippe Mailaka: kacou.philippe@yahoo.fr / Finday: +225-0252-0252
Tranokala: www.matth25v6.org na tadiavo ao amin'ny Google ny hoe: « Mpaminany Kacou Philippe »